

## Amboangibe – TENY FAMPIDIRANA visite pastorale 18 oktobra 2015

Mbola tsara atsika jiaby.

Andro fahasoavana, andro lehibe ho antsika eto amin'ny misionan'ny Amboangibe izay efa andro maromaro no niarahantsika teto ka ifaranantsika amin'izao Eokarsitia. Andro ankalazan'ny Eglisy maneran-tany, ny andron'ny Mission izany hoe Eglisy hirahina hitory ny vaovao mahafaly, hizara ny vaovao mahafaly. Ary izay ny maha-Eglisy ny Eglisy tahaka an'i Kristy nirahina hitory ny vaovao mahafaly amintsika olombelona. Tsy tanjona izany ny fihaonantsika teto fa tahaka ny pentekôty tao Jerosalema, nahaterahan'ny Eglisy, nirahin'i Kristy ny apostoly hitory ny vaovao mahafaly. Ary izay no lohahevitra nentin'i Papa manentana antsika amin'izao andron'ny Mission izao "**Avia, maniraka anao aho**" izay ny teny faneva amin'ny andron'ny Mission. Ary isika koa dia nahazo iraka, matetika miteny aho hoe: tsy misy zavatra kisendrasendra fa ataon'Andriamanitra izao rehetra izao fa indrindra ny zava-miseho eo amin'ny fiainantsika hanamarany fa izao tokoa isika. Antony roa no tiako hasongadina hanamarinana an'izay teniko izay.

**1-** Raha misy ny misiona midadasika ato amin'ny diosezy, raha tsy voalohany ny misionan'ny Amboangibe dia faharoa. Izany hoe tena toerana hanaovana mission ity Amboangibe ity satria raha tsy diso aho 97 ny isan'ny Eglisy anatin'ny Misiona, maro izay ka mila misionera. Matetika isika rehefa miresaka izay misionera izay dia mompera na masera no tonga an-tsaintsika, diso fihevitra isika ary izany no mahatonga aho milaza fa ny Eglisy no misionera, dia ny lahika, religiozy, pretra, araka ny sokajiny avy, araka ny fanomezam-pahasoavana avy fa tsy ny hoe mompera fotsiny no misionera ary indrindra indrindra mompera vahiny tamin'ny andron'ny misionera, izay ny fomba fitenintsika, diso zegny fomba fivolagnana zegny. Ny Eglisy manontolo no misionera, ka zay no mahatonga ahy milaza hoe midadasika dia midadasika ny misioneran'ny Amboangibe ka isika no tsy maintsy misionera amin'ny toerana rehetra misy antsika. Ho hazavaina amintsika izany rehefa avy eo. Amin'izao andron'ny misiona izao dia aty Amboangibe ny fankalazana ny mission, isika rehetraretra ny misionera, tsy kisendrasendra zay.

**2-** Izay fankalazana izay ao anatin'ny fankalazana ny konfirmasio, raha misy angamba tsy ampy 40 ny manao konfirmasio, 32 fotsiny nefo 97 ny isan'ny Eglisy ato amin'ny Misionan'ny Amboangibe. 1/3 Eglisy fotsiny no manao konfirmasio, raha fintinina izany dia maro ny Eglisy tsy misy mpanao konfirmasio androany, 65 eglisy tsy manana mpanao konfirmasio, mbola lavitra e ! Ka izay no mahatonga ahy milaza amin'izao andron'ny Mission izao fa isika no tsy maintsy misionera. Ary raha tadidinareo teo am-piandohana aho nilaza fa ny Eglisy taorinan'ny pentekôty no nirahin'i Kristy. Samy manantena isika ary, izay no iarahantsika mivavaka eto, niarahantsika niomanana nandritra ny andro maromaro ary efa niomanina koa izany famangiana pastoraly. Araka ny efa voalaza tsy ny tenako no mamangy amin'ny famangiana pastoraly toy izay fa ilay mpiandry ondry tsara dia i Kristy Lèlana, Faharamarinana ary Fiainana manoro antsika ny lèlan-kombana ka maniry dia maniry ary atsika ary hivavaka ho an'izany mba ho pentekôty vaovao ny eto amin'ny

misionan'ny Amboangibe izao fankalazana ataontsika izao. Pentekôty izy raha tanteraka ny hafatry ny papa amin'ity androny Mission ity "Avia maniraka anao aho" Miantso antsika pretra, relijiozy, lahika, miantso antsika tolagna, miantso atsika tsirairay izy amin'izao andron'ny Mission izao " Avia, maniraka anao aho". Maniraka atsika tokoa ny Eglizy ankehitriny. Ka izay indrindra ry Kristianina Havana ka indreto misy hafatra hahatonga atsika ho misionera tokoa. Atomboka amin'ny zava-misy izy dia avy eo atoro atsika ny lalan-kombana. Araka ny dinidinika sy ny resadresaka ary niainga amin'ny hafatra izay nosoratako hahafahantsika mandinika tsara:

### **Inona no tsy maintsy ataontsika ?**

Ny zava-misy efa nolazaiko teo hoe midadasika ny misiona, maro ny Eglizy. Fantaro fa tsy ho tratran'ny pretra ny mamangy atsika matetika, kanefa izay koa ny fanirantsika raha tratra indray mandeha isan-taona ny famangiana dia isaorana Andriamanitra. Ary mbola sarotra eritreretina ny hampisy pretra maro amin'izao fotoana izao, na izany anefa isaorana Andriamanitra fa afaka mivory isika, ary izay no zava-dehibe.....Mivory atsika na dia eo aza izay fahasahiranana izay, ka io indrindra ary no hifanampantsika, atsika tolagna raha tsy izany mitombo ny fahasahiranana. Ianareo ihany no milaza fa noho ny fahalavirana sy ny tsy fahitana pretra matetika dia misy amintsika Kristianina katolika lasa mamonjy fivavahana isan-karazany: manompo sampy, manao sekta, manao fivavahana hafa. Fa satria mila fanohanana ny finoana, mila sakramenta ny finoana, ka izay indrindra no hanaovantsika ezaka mba ho Eglizy velona fa tsy Eglizy trano fotsiny. **Maro ny Eglizy trano fa ny Eglizy olo no tsy maintsy ataontsika ezaka. Inona ny atao hoe Eglizy olo?** Tsy ny Eglizy trano fotsiny fa ny Eglizy olo dia isika miaraka mivavaka izao. Io izany no ezaka ataontsika hahatonga Eglizy velona satria ny trano tsy misy aina fa isika olona mandrafitra an'izay trano izay no Eglizy Velona. Ka izay tsy maintsy ataontika raha tsy izany mitohy mitombo ny olana ary dia mety ho sahirana atsika. Ny tiako ambara amin'izay, aoka ary isika tsy hanifika hoe mbola ho hisy vahaolana (solution) io. Tsy maintsy atsika no mahita ny solution ary izay ny toro-làlana tiako atao amintsika. Ka ny hahafantarana ary fa Eglizy velona isika, hitanareo ny rantsan-tànana dimy ? Ny hahafantarana fa Eglizy velona dia izao: toe-panahy dimy no efa nosoratana tamintsika tamin'ny taona lasa, mitohy amin'ity. Fa matoa mbola tsy tanteraka izy dia anjarantsika no manao ezaka tsikelikely. Ampatsiahivina atsika ary ny toe-panahy :

- a) **Velona ny Eglizy raha mivavaka**, tsy maintsy mivavaka isika ary manomboka amin'ny fianakaviana satria ny fianakaviana no Eglizy kely. Raha tsy mivavaka isika dia mangady lavaka ary hahafaty ny Eglizintsika zay.
- b) **Velona ny Eglizy raha mandalim-pinoana**, raha Eglizy tsy misy katesizy dia mampatahotra zegny. Ary izaho amin'ny maha mpiandry ondry ahy, tokony atao mahatoky anareo aho, ary izay no hanerako anareo fa ny Eglizy sy ny asan'ny pretra henontsika amin'y vavaka dia ny mitory ny vaovao mahafaly ary mizara ny sakramenta. Omen'ny Eglizy maimaim-poana ny sakramenta fa tsy omena fotsiny amin'izao io fa tsy maintsy misy ny fandalanam-pinoana.

Raha manontany mompera aho izao, matoa 32 fotsiny ny manao konfirmasio dia tsy misy fianarana katesizy any amin'ny Eglizintsika any. Ary izaho no malahelo voalohany satria vitsy loatra, Eglizy 97 ka 32 fotsiny no ataoko konfirmasio. Zaho no faly raha vavolombelona marobe, kanefa tsy zarazaraina foana ny sakramenta. Ka ny dingana hahafantarana izany fa Eglizy velona raha misy katekista ary misy fandalinam-pinoana. Eto aho dia mitodika amin'ny inspecteur sy ny katekista. Maha katekista ny katekista, ny foto-teny dia ny katesizy, raha katekista tsy mampianatra katesizy aleo izy mametraka fialana. Dokotera tsy mitsabo, dokotera ihany ve? raha mpampianatra tsy mampianatra? mompera tsy manao lamesa ? karaha zegny koa ny katekista tsy mampianatra katesizy, zero boribory. Ka misikina isika raha tiantsika ho velona ny eglizintsika, famporisihana izany fa tsy fanomezan-tsiny satria mety tsy fantatra izany. Ary efa niresaka tamin'ery mompera fa ilaina ny fiofanana. Ary izay no efa atomboky ny CDD, atao ny hahalalana ny statistika, angonina izay hahafantarana "inona ny zava-misy" ? ary dia hitohy ny fiofanana fa indrindra amin'izao andro sarotra izao. Ohatra fotsiny izao matetika ny fanontaniana « anareo mivavaka amin'ny sary vongana anareo katolika ? » dia manaiky fotsiny hoe "hay isika marina mivavaka amin'ny sary vongana" fa tsy hay ny mamaly izany fanontaniana izany. Ilaina izany ny fandalinam-pinoana. Ary raha misy ny fandalinam-pinoana tsy maintsy misy ny fiofanana, dia hojerena akaiky izay, ary dieny izao anefa aoka hosokafantsika ny fo sy ny saina am- panahintsika ho vonona amin'izay fandalinam-pinoana izay. Aza kamokamo isika. Zay koa manko no lazain'ny Katekista: "anao Monsenera manome tsiny anay fa ny tsaiky tsy mianatra katesizy" Tsy manome tsiny aho. Kamo ny Ray amand-Reny, kamo ny fikambanana masina, ka tsy hisy ny fampianarana katesizy mirindrina. Zay koa manko miankina amintsika Ray aman-dReny, miankina amintsika mianakavy, mila fiaraha-miasa avy amintsika. Ka na te-hampianatra ny katekista vonona, raha tsy misy mpianatra dia zero boribory koa zay. Ka noho izany aoka ilay afom-pitiavana horaisintsika amin'izao famangiana pastoraly izao, ny hamaroantsika izao, isika niara-nientana, niara-nisakafo, niara-nifaly, ka izay hafaliana ao amintsika izay, aoka hirehidrehitra ary ho tantaraintsika any amin'ny Eglizintsika any hoe: Izao ny hafatr'i Monsenera raha tiantsika ho Eglizy velona ny Eglizintsika, tsy maintsy mandalina finoana, tsy maintsy mianatra katesizy. Manantena anareo aho ary maniraka anareo araka ny hafatry ny Papa.

**c) Velona ny Eglizy raha mijoro vavolombelona**, indrindra ianareo zay atao konfirmasio, izany hoe tsy vavolombelona mijoro fotsiny isika fa tsy maintsy mandalina ihany koa. Fantatrareo fa vita ny konfirmasio dia tsy misy intsony ny katesizy, tapitra eo ny sakramenta ka zay mahatonga anareo miteny hoe vita raha jiaby. Tsy mety zegny ka izany indrindra no tsy maintsy hidirantsika amin'ny fikambanana sy ny firohotana. Tsy aty amin'ny mission aty fotsiny no misy ny MDMK na ny fikambanana sasany fa any amin'ny Eglizy manontolo mba hamelona ny Eglizy. Izay no atao hoe vavolombelona velona. Tsy hoe izay mitatatata karaha monsenera zao no atao hoe vavolombelona fa miseho amin'ny finoana any amin'ny Eglizy

any. Tsy maintsy any amin'ny Eglizy fiombonana, ohatra any Marogaogno, any Antanifotsy any no tsy maintsy misy ny fikambanana masina sy ny firohotana. Zay no atao hoe vavolobelona mba hanohizana ny sakramenta azo. Ary aza gaga isika raha miha-vitsy ato amin'ny misionan'ny Amboangibe no miroso amin'ny mariazy, ny miroso hanao relijiozy, ny miroso hanao pretra. Vocation ireo, ka ao anaty fikambanana masina sy ny firohotana no kolokoloina, ireo no taniketsa. Ary gaga aho fa tsy mihoatra ny enina ny mpiservy, dikan'izany tsy misy koa ary marefo dia marefo ka anjarantsika ny mamelona ny Eglizy ka ny fijoroana ho vavolobelona ao anaty fikambanana masina sy ny firohotana. Manasa anareo ary aho ary maniraka anareo tahaka ny nataon'i Papa amin'izao andron'ny Mission izao, midira fikambanana masina fa indrindra ianareo tanora, midira firohotana hahafahanareo miaro ny finoana. Eo indrindra aho ry tanora efa nolazaiko taminareo, aoka ho sahy hijoro ho katolika isika. Aza miafiafy manambara ny finoantsika ary izay no maha-misioneran'ny Fanantenana. Maro ny kivy amin'izao fotoana izao fa indrindra ny tanora, ka isika tanora katolika entanin'ny finoana, fanantenana, fitiavana izay kolokoloina ao anatin'ny fikambanana sy ny firohotana. Aoka hijoro ho misioneran'ny fanantenana. Tohizako ny fanentanana ny tanora: Mba hiseho fa tena mitondra fanantenana isika. Ianareo ihany no nilaza tamiko raha nanontany aho hoe : maninona ny akanjonareo miloko maitso ? Dia namaly anareo tany amin'ny JMJ hoe: izahay tanoran'ny diosezin'ny Diego monsenera, araka ny hafatranao dia génération Makarios, génération sambatra, génération fanantenana ka izay no mahatonga zahay maitso. Ka eto indrindra ary ry tanora, atsika ray aman-dreny koa, anehoantsika fa mitondra fanantenana isika hitondra atsika amin'ny diosezy maitso. Efa natako tamin'ny sekoly izay fa averiko eto. Isika tanora rehetra na anaty fikambanana na tsia, na anaty firohotana na tsia indrindra fa isika ato anatin'ny misionan'ny Amboangibe, anambarantsika fa miova toe-tsaina isika ary Eglizy velona dia hamboly hazo. Mety tsy hitanareo angamba ny fifandraisany fa misy ny fifandraisany: hamboly hazo 5 isan-taona mba handresentsika ny fahantrana. Mety maitso ny manodidina atsika, fa raha miakatra ambonimbony eo ny masonareo mijery ny vohitra, fantaro fa avy any ny ranon'orana, ny mahalegny, ka raha tsy manao dieny izao isika dia ny taranaka rehetraretra ho faty. Ary efa mitombina izany, na ny lavanila aza efa manahirana. Zay ny maha-Eglizy atsika izay, miditra amin'ny fiainantsika ny finoanantsika. Mampitrapatra ny finoana sy ny fiainana andavan'andro ny Kristianina, ka isika tanora ary handresy an'izay rehetra izay. Voalazako amintsika matetika hoe; niany ny hoavy fa tsy rahampitso. Ary izay ny fanantenana, mametraka tsara ny hoavy niany ity. Ka anentana atsika tanora aho: mitovy ny fanalan-jaza sy ny tevy ala. Inona ny antony mampitovy an'izay? Samy mamono. Mamono ny manala zaza, ary mamono taranaka izay mandoro tanety sy mitevy ala. Ny hoavy samy vonoina, na manala zaza izany na mandoro tanety na mitevy ala. Noho izany ho fadiantsika izany fa olon'ny Aina isika, zanak'Andriamanitra isika. Indrindra isika tanora, ary eo ianareo katekista, eo anareo inspecteur, eo anareo mompera, eo anareo relijiozy hametrahako an'izay hafatro izay: **Mandehana, irahina ianareo hanao tontolo maintso, hanova an'ity tany**

**ity mba ho tany mitondra fanantenana ho an'ny hafa. Eglizy velona isika raha mijoro ho vavolombelona ary dia fijoroana ho vavolombelona izany.**

- d) **Eglizy velona isika raha manompo**, ary izay ny evanjely androany. Tsy hanao teny maro mikasika an'izay fa izay ny maha-Eglizy ny Eglizy, ny maha-kristianina ny kristianina. Ny anarana hoe Kristianina dia avy amin'ny hoe Kristy. Ary i Kristy ho henontsika amin'ny evanjely rehefa avy eo: tsy ho tonga mba ho tomponia fa hanompo (Mk 10, 35-45). Fantaro izany ry zandry anareo hanao konfirmasio! Ny konfirmasio manamafy ny maha-Kristianina, manamafy ny batemy. Ary izay koa ho atsika kristianina, hanavao ny toky natao tamin'ny batemy isika amin'izao famangiana pastoraly izao mba ho pentekôty vaovao. Fanamafisana ny finoana, ka ny finoantsika, krsitianina isika mpanara-dia an'i Kristy, iraka tahaka an'i Kristy. Inona ny iraka nataon'i Kristy ? Tonga mba hanompo fa tsy tomponia. Any amin'ny Eglizy fiombonana, Eglizy kely, Eglizy fianakaviana no ho tanterahintsika izany iraka sarobidy izany, dia ny maha-mpanompo atsika.
- e) **Eglizy velona raha mahay mandray an-tànana**, satria tompony anao tsy mpihindrana, na mpijery fotsiny, na mpitazana fotsiny fa tena tompony ary raisinao an-tànana ny fiainan'ny Eglizy. Ary anisan'izay tahaka ny nataantsika momba ny tontolo iainana, momba ny diosezny maitso no resahina amintsika koa mikasika ny hasim-pinoana. Io izany no mampibaribary fa mandray an-tànana tokoa isika raha isaky ny vita batemy tsirairay mandoa ny hasim-pinoana. Tsy ny fianakaviana fotsiny, efa tsara izay, fa ny efa vita batemy, manomboka amin'ny tsaiky madinika sy izay milaza azy hoe : tamin'ny andronay no nampisy an'ity Eglizy ity, ny razambeko no nanome an'izao. Raiso an-tànana izay Eglizinao izay fa aza atao tantara fotsiny, velomy ilay Eglizy ka mandraisa an-tànana. Ary izany no anehoantsika fa velona ny Eglizintsika. Raha ireo no entintsika tokoa ary hivelomantsika dia velona tokoa ny Eglizy. Ezaka apetraka amintsika mianakavy ary io, ary hirosoantsika lalindalina kokoa ary hanehoantsika fa pentekôty vaovao ato amin'ny misionan'ny Amboangibe izay fantantrantsika fa misy pretra vaovao izay atolotra atsika, ankoatry ny asa fanentanana maha-iraka azy dia hiandraikitra manokana ny tanora izy. Izy izany no hanome aina an'izay hafatra efa nomena antsika tanora ho misioneran'ny fanantenana. Ary dia anatin'izay efa noresahina tamin'ireo Ibalita haha-misioneran'ny famindram-po amin'izao hidirantsika amin'ny jobilin'ny famindram-po izao.

**Raha fintinina izany rehetra izany ry Kristianina Havana, tonga tokoa ny fotoana, izao tokoa ny andro tsara, izao tokoa ny androm-pahasoavana ka aza misalasala isika, aza mieritreritra hoe inona no tokony atao? Efa natoro atsika izany. Isaorantsika ny mpiandry ondry tsara manoro antsika ny lalan-kombana. Zao no antenaintsika vokatr'izao famangiana pastoraly izao : Hanome aim-baovao, miainga any amin'ny fianakaviana Eglizy kely, mipaka amin'ny Eglizy fiombonana. Hirehidrehitra ny Eglizy**

fiombonana ary dia hiroso ao anaty Eglizy fototra (inspection) izay misy telo ary hipaka hatramin'ny Eglizy mission, Eglizy velona ambany fiarovan'ny Fo masin'i Jesoa ny misionan'ny Amboangibe. Ka mitsangana ary isika fa Eglizy velona tokoa. Mijoroa, mitsangana hanatona an'Andriamanitra isika amin'izao Alahady, any Roma anandratan'i Papa, Ray sy Renim-pianakaviana nipoiran'ny olona masina maro, nipoiran'ny relijiozy, fianakaviana Eglizy kely velona ny finoany dia i Louis Martin sy Zélie, namangy atsika aty Madagasikara ary namangy atsika taty amin'ny diosezy niaraka tamin'ny zanany dia i Masimbavy Terezy. Anio izany izy telo mianaka ao Roma amin'izao sinaodin'ny fianakaviana satria mahatsapa ny Eglizy, mahatsapa ny Papa Ray masina fa tsy hisy izany rehetra izany, tsy velona ny Eglizy raha tsy velona tsara ny fianakaviana. Maro anefa ny loza mananontanona ny fianakaviana ankehitriny, ary mananontanona ny Eglizy satria tsy misaraka ny Eglizy sy ny fianakaviana. Matoa marary ny fiaraha-monina dia marary ny fianakaviana. Ka izay no dinihina any Roma. Hiaraka mivavaka ary isika ary hiara-hisaotra amin'Andriamanitra amin'izao andro hanirahana atsika koa mba ho Eglizy velona. Handinika ny fiainantsika ary isika, mba mivavaka ve aho, mba mandalina ny finoako ve aho, mba mijoro ho vavolombelona ve aho, mba mpanompo tokoa ve aho, mba mandray an-tànana tokoa ve aho ? Matetika tokoa isika noho ny fitiavantena, noho ny henamaso sy ny tahotra, noho ny avonavona, noho ny fialonana dia tsy sahy mijoro ho tena vavolombelona, mbola tsy sahy mivavaka fa miafinafina raha mivavaka, mbola tsy sahy mandalina ny finoana. Ka handeha ary isika hiaiky izany fahotantsika, hitodika amin'izy Ray be famindram-po, hitalaho izany famindram-po izany ary hangataka aminy mba harotsany amintsika ny Fanahy masina, ny fahasoavana hanova ny fontsika ka hirehidrehitra hanambara ny vaovao mahafaly amin'ireo manodidina atsika.